

dia miteny amintsika fa raha tsy mirosaka tanteraka ao anatin'ny fanompoana ny hafa isika dia tsy dia misy tanjona firy ny fiainantsika. Ireo izay miaina ho an'ny tenany fotsiny ihany dia manjary mihen-danja tokoa ara-pahy ary toy ny mamoy ny ainy ireny mihitsy aza, fa ireo izay mirosaka tanteraka ao anatin'ny fanompoana ny hafa dia mivoatra sy miroborobo—ary mamonjy ny ainy vokatr'izany.”<sup>8</sup>

Fahadimy, mamela ny hafa ary aza manome tsiny ny hafa noho ny zavatra mitranga eo amintsika. Indraindray dia tiantsika ny miteny hoe: “Raha tsy nanao izany tamiko izy ireo dia tsy ho nanao izao aho.” Ny olona araka ny nofo dia manana ilay fahazarana manome tsiny ny olon-kafa mba hialana tsy ho tompon'andraikitra amin'izay zavatra nataony. Nijery ireo izay namantsika Azy teo amin'ny hazo fijaliana ny Mpamonjy ary nangataka tamin'ny Rainy ny mba “[h]amelà[ny] ny helony, fa tsy fantany izay ataony.”<sup>9</sup> Tsy mba afaka ny hamela bebe kokoa ve isika?

Rehefa miatrika ny fitsapan'ny fiainana isika dia aoka hitazona ilay tanjona mandrakizay. Aoka isika tsy hitarina ary aoka isika hivavaka mafimafy kokoa sy hanompo ny hafa, ary hifamela. Raha manao izany isika dia “[h]iara-hiasa hahasoa [antsika] izay tia an'Andriamanitra ny zavatra rehetra.”<sup>10</sup> Mijoro ho vavolombelona marina aho fa tia antsika ny Raintsika, ary nandefa ny Zanany lahy izy mba hampiseho sy hanamboatra ny lalana izay tokony hizarantsika. Nijaly Izy, maty Izy ary nitsangana tamin'ny maty mba hahafahantsika ho velona ary maniry ny “mba hahazoa[ntsika] fifaliana”<sup>11</sup> Izy, eny na dia mandritra ny fotoam-pitsapana eo amin'ny fiainantsika aza. Ataoko izany amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. 2 Nefia 2:11.
2. Romana 8:28.
3. Lioka 22:42.
4. 1 Nefia 19:9.
5. Lioka 22:44.
6. Môsia 24:14.
7. Fotopopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16.
8. Thomas S. Monson “Inona no Zavatra Nataoko ho an'ny Hafa Androany?” *Liabona*, Nôv. 2009, 85.
9. Lioka 23:34.
10. Romana 8:28.
11. 2 Nefia 2:25.



**Nataon'ny Loholona Gregory A. Schwitzer**  
Ao amin'ny Fitopololahy

# Mampivelatra ny Fahazana Mandanjalanja ary tsy Mitsara ny Hafa

*Ny fahazana mandanjalanja dia tsy hoe ilaina amin'ny fabatakarana mikasika ny olona fotsiny fa koa amin'ny fiatrehana fanapahan-kevitra izay matetika na mampanatona antsika na mampanalavitra antsika amin'ny Ray any an-danitra.*

Isika dia miaina eto amin'ny tontolo iray izay ahitana toe-javatra iainana maro mitaky antsika hahay handanjalanja, izay matetika sarotra. Kanefa ny Mpamonjy dia nanome antsika ny didy hoe “aza mitsara” ireo mpiara-belona amintsika.<sup>1</sup> Ahoana no ahafahantsika manao izany ary mbola mila mahay mandanjalanja indray avy eo ao anatin'ity tontolo rakotry ny fahadisoam-pantenana sy fahalotoana ity? Isika dia tsy maintsy mahay mandanjalanja tsara rehefa mandray fanapahan-kevitra lehibe eo amin'ny dingana tsirairain'ny fiainany; toy ny fisafidianana ireo namana, fitadiavana ilay ho vady mandrakizay, na ny fisafidianana asa atao izay sady hanome fahafahana antsika hikorakara ny fianakaviansika no hanompo ny Tompo. Na dia mangataka antsika ny tsy hitsarantsika ny hafa aza ny Mpamonjy dia manantena antsika kosa mba hahay handanjalanja tsara Izy.

Matetika isika no tonga dia mitsaratsara be fahatany ny olona, izay mety hanova na hamaritra indray ny karazan'ny fifandraisantsika amin'izy ireo. Matetika misy ny fanaovana fitsarandiso noho ny tsy fahampian'ny fahalalana na satria tsy hitantsika ny any ambadik'ilay zavatra izay tonga dia eo anoloantsika eo.

Mba hanazavana izany dia misy tantara faheno matetika mikasika ny fotoana iray nitsidihan'i Jesoa ny tokantranon'i Maria sy Marta, izay nipetraka tany Betania niaraka tamin'ny anadahiny Lazarosy. Toerana mahafinaritra ny Mpampianatra izany, izay ahafahany maka aina sy mankafy ny tontolo manodidina an'ilay tokantrano hahatsapana fahamarinana. Nandritra ny fitsidihany indray mandeha dia sahirana nikarakara sakafo i Marta, fa i Maria kosa nisafidy ny hipetraka eo an-tongotry ny Mpampianatra mba handray torolalana avy Aminy.



“Fa Marta sahirana tamin’ny fanompoana be; dia avy izy ka nanao hoe: Tompoko, moa tsy mampaninona Anao va ny amelan’ny rahavaviko ahy hanompo irery? . . .

“Fa ny Tompo namaly ka nanao tamin’ny hoe: Marta, Marta, maro ahina sy maro herehina hianao:

“Nefa zavatra iray loha no ilaina; fa Maria no efa nifidy ny anjara tsara, izay tsy halaina aminy.”<sup>2</sup>

Maro ireo lesona isan’Alahady nampiasana ity tantara ity, izay nitsarana an’i Marta ho toy ny tsy manampinoana. Kanefa misy tantara iray hafa mahakasika ity vehivavy miavaka ity dia i Marta, izay mampiseho amintsika lalindalina kokoa ny fahatakarany sy ny fijoroany ho vavolombelona. Tamin’ny fotoana nahatongavan’ny Mpamonjy hampitsangana ny anadahiny Lazarosy tamin’ny maty izany. Tamin’ity indray mitoraka ity dia i Marta no hitantsika fa nitsena an’i Jesoa “raha nandre fa tamy” Izy. Rehefa nihaona Taminy izy dia nilaza tamin’ny fa fantany fa “na inona na inona hangatahi[ny] amin’Andriamanitra dia homen’Andriamanitra [Azy].”

Dia nizara fotopampianarana lehibe mikasika ny fitsanganana amin’ny

maty tamin’i Marta i Kristy tamin’ny filazany hoe:

“Izaho no fananganana ny maty sy fiainana; izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray:

“Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay. Mino izany va hianao?”

Namaly izany tamin’ny alalan’ny fijoroany ho vavolombelona matanjaka sy mahery vaika izy hoe: “Eny, tompoko; mino aho fa Hianao no Kristy, Zanak’Andriamanitra, Ilay ho tonga amin’izao tontolo izao.”<sup>3</sup>

Impiry no notsarsaraina ho olona manome lanja bebe kokoa ny fanaovan-draharaha i Marta noho ny zavatra ara-panahy? Kanefa ny fijoroany ho vavolombelona tamin’ny fitsapana nahazo azy nandritra ny fahafatesan’ny anadahiny dia mampiseho mazava ny fahatakarany sy ny fijoroany ho vavolombelona.

Maro ireo vehivavy ato ampianonana no naheno ilay tantara voalohany ary nanontany tena raha toa ka i Maria na Marta ny tenany, kanefa ny marina dia mitoetra amin’ny fahafantarana tsara ilay olona iray ary ny fampiasana fahaizana mandanjanja. Amin’ny alalan’ny fahalalana bebe

kokoa mikasika an’i Marta dia hitantsika fa olona manana toetra ara-panahy lalina tokoa

izy, izay nanana fijoroana ho vavolombelona matanjaka momba ny nampinaovina ny Mpamonjy sy ny Fahefana masina ananany hifehezany ny fiainana. Ny fitsaratsarana tsy am-piheverana an’i Marta dia mety ho tsy nahafahantsika nahafantatra ny tena toetran’ity vehivavy mahafinaritra iray ity.

Raha ny mahakasika ahy manokana dia nianatra lesona goavana aho mikasika ny fitsaratsarana fahatany nataoko fony aho mpitsabo vao herotreron’ny. Nandritra ny fotoana iray niasako alina tao amin’ny departemantan’ny famonjen’aina maika dia nisy lehilahy tanora iray sy ny vadiny tonga tao satria nianjadian’ny fanaintainana mafy ilay vehivavy. Mora ery ny nahita fa sahirana ara-piainana izy ireo raha ny akanjony sy ny fahadiovany no jerena. Lava sady tsy voahogo ara-dalana ny volon’ily lehilahy. Tsy nisasa nandritra ny fotoana ela ny akanjon’izy ireo ary hita soritra teny amin’ny tarehin’izy roa ny fahasa-hiranana ara-piainana.

Taorian’ny fizahana nataoko dia nipetraka niaraka taminy aho mba hanazava ny olana sy hifanakalo hevitra aminy mikasika ny fitsaboana ilaina arahana. Nibanjina ahy niaraka tamin’ny fitiavana lalina izay tsy fahita firy ity lehilahy ity ary nanontany tamim-pitiavana lehibe azo omen’ny vady miahny iray hoe: “Dokotera a! ho salama ihany ve ny vady malalako?” Tamin’izay fotoana izay dia tsapako ny Fanahy nijoro ho vavolombelona tamiko fa zanak’Andriamanitra izy ary hita taratra teny amin’ny masony ny tena fisian’ily Mpamonjy. Naneho fitiavana ny hafa tokoa ity lehilahy ity ary tena nitsaratsara azy fotsiny aho. Lesona iray izay namela marika maharitra izany.

Ny fahaizana mandanjanja dia tsy hoe ilaina amin’ny fahatakarana mikasika ny olona fotsiny fa koa amin’ny fiatrehana fanapahan-kevitra izay matehina na mampanatona antsika na mampanalavitra antsika amin’ny Ray any an-danitra. Rehefa manao jery todika ny fiainako aho dia afaka mahita ohatra maromaro izay raha nisy fivilian-dalana kely fotsiny dia mety ho nitarika ahy hanalavitra ilay toerana tian’ny Tompo hahatongavako—ny fanapahan-kevitra

toy ny fanorenana fianakaviana mbola eo andalam-pianarana, ny fahazotoana amin'ny lafiny rehetra eo amin'ny filazantsara, ny fandoavana fahafolonkarena sy fanomezan'ny fifandian-kanina na dia voafetra aza ny vola miditra, ary ny fanekena ireo antso ao anatin'ny andro sarotra, izay nanampy ahy hahatakatra bebe kokoa ny fahafoizan-tena. Maro ireo fitahiana tsy voaray teo amin'ny fiainana vokatry ny fanaovana fomba fanapahan-kevitra arak'izao tontolo izao raha toa ka fanapahan-kevitra ara-panahy no tokony ho izy.

Maro ireo toetran'ny olona izay efa nampitombo ny fahaizany mandanjanja. Hanolotra torolalana efatra entina hampitomboana izany fahaizana mandanjanja izany aho eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra manan-danja.

**Voalohany, ampifanaraho amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny fenitra arahin'ny tenanao manokana.** Tsy misy olona hahay handanjanja velively raha tsy mampiasa ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ho mpitari-dalana izy. Mirakitra torolalana lava sy mahomby izay mitondra ny olona any amin'ny fifaliana ny filazantsara. Ireo hevitr'izao tontolo izao sasany dia mitarika ny olombelona hibirioka ka hanandrana hamaritra ny fenitra arahany manokana. Noho izany antony izany dia maheno teny vaovao toy ny hoe "ny fitsipi-pitondrantena vaovao" isika. Tena mamitaka izany teny izany! Ny fenitra ara-pitondrantena dia mandrakizay ary tsy niova; ary tsy tokony hanandrana hikoroka dikany vaovao ho azy ireny isika. Ireo fenitra ireo dia voasoratra ao amin'ny bokikely *Ry Tanora, mahereza* ho an'ny tanora. Ireo fitsipika ireo dia mifanaraka tanteraka amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ary natao hitohy hatramin'ny fiainana mandrapahalehibe. Angamba tsara raha halalinintsika sy ampiharintsika olon-dehibe eo amin'ny fiainantsika koa ny voalaza ao amin'io bokikely io.

**Faharoa, mihainoa ny hafatry ny mpaminany velona.** Firifiry ireo fanapahan-kevitra diso noraisina teo amin'ny lafiny ara-bola izay azo nialana raha toa ka nihaino ireo torohevitra antaonany maro nomena tamin'ny alalan'ireo mpaminany isika momba ny fiantohana ara-barotra tsy azo antoka

ary ny fanarahana ny fitantanam-bola voalanjanja hisorohana ny fidirantrosa lava? Firifiry ireo fanambadiana tokony ho avotra raha nampiasa fahazana mandanjanja tsara isika ka nana-lavitra ireo haino aman-jery mitarika any amin'ny fiankinan-doha amin'ny pôrnôgrafia sy miteraka ratram-po? Ireo boky mirakitra ny fihaonamben'ny Fiangonana sy ny gazetibokin'ny Fiangonana dia ahitana ireo torohevitra avy amin'ireo mpaminany, izay raha ampiharina, dia hitarika antsika any amin'ny fahaizana mandanjanja tsara. Tsy manana antony azontsika ialana isika rehefa tsy miraharaha azy ireny.

**Fahatelo, manorena fomba fifampihainoana eo amin'ny Fanahy Masina.** Nomena ny fanomezana ny Fanahy Masina isika taorian'ny batisantsika, kanefa adinontsika izany fanomezana izany matetika. Adinontsika fa hanampy antsika amin'ireo fanapahan-kevitra manan-danja eo amin'ny fiainantsika Izy. Nanome antsika izany fanomezana izany ny Tompo noho ny fahafantarany fa hiatrika fanapahan-kevitra sarotra isika eo amin'ny fiainantsika. Zava-dehibe ny fihainoana io feo io mba hampivoarana ny fahaizana mandanjanja. Matetika ny fifampihainoana dia mitaky toerana milamina sy mangingina izay ahafahantsika manokana fotoana hisaintsainana sy hihainoana ilay feo malefaka sy tony. Izany toerana milamina izany dia sady ao anaty no ety ivelany. Noho izany dia tsy hoe tsy



fiainoana ny mozikan'izao tontolo izao na ny fidradradran'ireo haino aman-jery hafa fotsiny izany fa fampahanginana ny tabataban'ny ota izay ao anatin'ny fanahy koa. Hanokatra ny fifandraisana amin'ny Fanahy izany, izay tsapa fa tena ilaina mafy.

Nilaza i Kristy hoe: "Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanome-n'izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza matahotra na malahelo ny fonareo."<sup>4</sup> Manala ny tahotra amin'ny mety tsy hahazana mandanjanja tsara eo amin'ny fiainana ny fiadanana avy amin'ny fihainoana ny Fanahy Masina.

**Fahaefatra, mitandrema ny didy.**

Ny fitandremana an-tsitrabo ny didin'Andriamanitra dia mampisokatra ny fahafahantsika hahazo ireo fitahiana nampantanenaina. Ny Bokin'i Môrmôna, ankoatry ny maha-Testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy azy, dia boky mikasika ny vokatry ny fitandremana sy ny tsy fitandremana ny didy. Niteny tamin'i Nefia ny Tompo ao amin'ny toko faharoan'ny bokiny voalohany hoe: "Ary, raha mbola mitandrina ny didiko ianao dia hambinina."<sup>5</sup>

Izany fampanantenana izany dia naverimberin'ireo mpaminany lehibe rehetra tao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Tantara naharitra an'arivo taona maro noho izany no noraiketina izay maneho fa marina ireo zavatra ireo. Ary miantefa amintsika koa izany hafatra izany ankehitriny eo amin'ny fampivelarana ny fahaizana mandanjanja. Ao anatin'ny sehatra napetraky ny Tompo tamin'ny alalan'ny fanomezana antsika ny didy no tena ahafahana mianatra sy mampihatra tsara ny fahaizana mandanjanja.

Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa manoloana fanapahan-kevitra tena sarotra isika ary manaraka ireo torolalana ireo dia afaka mahafantatra tsara koa ny fomba fandanjanjana. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Matio 7:1. Jereo koa Matio 7:1, fanovozan-kevitra eny amin'ny farnay ambanin'ny pejy a; avy amin'ny Dikan-tenin'i Joseph Smith, izay ahitana ny nandidian'ny Mpamonjy antsika hoe: "aza mitsara mba tsy hotsaraina."
2. Lioka 10:40-42.
3. Jereo Jaona 11:20-27.
4. Jaona 14:27.
5. I Nefia 2:20.